Raki-piaianana ireo mpanoratra Malagasy : ianarana ao amin'ny kolejy sy lisea. Ramahefarivo sakaizako. Ranary kambananarian-drav. Ranavalona I sy Rasalama. Ranonivola tao amoron'Itasy ny fahoriane vokatry ny hatsaran-tarehy. Raoly sy ny rendez-vous mampidi-doza. Rasoa Sabine tovovavy moderna Roman satirique. Ravi-maitso Ravi-maitso hampiasain'ny olona ho fanafody. Rovitr' akanjon i Denise. Sahondran' i Mamolakazo. Saramba mikalo tononkalo. Sarintanin'i Madagasikara Cartes de Madagascar. Sekolin' ny Ntaolo fianaram-pahendrena manomboka hatreto amorom-patana ka hatreto amorom-pahatra. Sodokan' ny haingo marevaka. Soratra Vavolombelona. Takariva am-pivahiniana. Tambin' ny Fitiava-tanindrazana Tantara marina -- Milaza fitiavan-tanindrazana. Tanindrazana sy Firenena ary isika Malagasy. Tantaran-dRadama I sy Ranavalona I. Tantaran-drazana hitadidiana ny fihavanana. Rabearana , Rabezandrina , Ralaitafikia. Tantaran'i Madagasikara. Tantaran' i Madagasikara isam-paritra. Tantaran' i Nenilava sy ny Fifohazana ao Madagasikara.

Tantaran' ny Malagasy manontolo. Tantaran' ny Maritiora malagasy. Tantara sy fomban-drazana. Tantara sy fomban-drazana Antandroy. Tany Europa telo volana. Tononkalo sy lahatsoratra kilasy fahenina. Tonon-taona manpanembona. Tora-bato sy ny feon' ny Hazo Fijaliana. Triotrio Boky famakian-teny taona fahadimy. Tsiky nandrava haizina. Tsy ary volamena avokoa izay rehetra mamiratra.

Tsy hodinganina ny maty. Tsy maintsy mipoaka ny sarom-bilany. Vankona Ny rafitry ny teny. Vaovao Frantsay Malagasy. Vavaka ho an' ilay mpandaloo. Vetsoveton' ny sasakalina. Victoire Rasoamanarivo. Voadin' i Dada sy ny zanak' Jefta. Voambolana Betsimisaraka. Voambolana Bezanozano. Voambolana momba ny zahatany Vocabulaire du tourisme. Voambolana Tambahoaka. Voambolana Tamindrana sy Tantsiraka. Voambolana Tefasy-Zafizoro. Volavolan-dalampanorenana Project de Constitution. Voninavoko Famakian-teny taona fahefatra. Voninkazon' ny Madagasikara.

Voninkazon' ny tanteraka. Zahatra arendrintempo. Zaikabe -- Sarasara tsy ambaka Rakity ny Zaikabe merina, Ramasindraibe Paul , Andriamananoka, Ranetsa Emmanuel. Zanahary sy tromba Tsipihevitra anavahana azy roroa. Zon' ny Olombelona Fanambarana itambaram-be sy Dina afrikanina. A History of Madagascar. A Madagascar Bibliography. American Geophysical Union Sessions and Posters. Ancestors, power, and history in Madagascar. Annual Review of Earth and Planetary Sciences. Antananarivo Annual and Madagascar Magazine. Dictionary of the Bible. East Africa and the Indian Ocean.

Eccentric Islands Travels Real and Imaginary. Encyclopaedia Britannica in 24 volumes. Freedom by a Hair's Breadth Tsimihety in Madagascar. Generic Tree Flora of Madagascar. German Diplomatic Documents in four volumes -- selected and translated by E. Historical Dictionary of Madagascar. Key Environments: Madagascar. Lemurs of Madagascar A Strategy for their Conservation Madagascar An historical and descriptive account of the island and its former dependencies. Madagascar A Short History. Madagascar and the Malagasy with sketches in the provinces of Tamatave, Betanimena, and Ankova. Madagascar Conservation and Development. Madagascar — the zebu as guide through past and present. Malagasy Literature in Madagascar. Mammals of Madagascar A Complete Guide. Mankafy Sakafo Delicious Meals from Madagascar. On and Off Duty Leaves from an officer' s note-book. Rethinking Ancestors and Colonial Power in Madagascar.

Rivers and Streams of Madagascar. Shipwrecks of Madagascar. The King's African Rifles in Madagascar. The Malagasy Republic Madagascar today. The Ramsar Convention on Wetlands. Three Visits to Madagascar during the years , , Twelve Months in Madagascar. UnitedStates Mission to Madagascar. A History of the Island of Madagascar. Madagascar the Bradt Travel Guide. Madagascar and Comoros. Madagascar and its People. Madagascar and the Protestant Impact. Madagascar before the Conquest The island, the country, and the people. Madagascar in War Time The "Times" special correspondent's experiences among the Hovas during the French invasion of Madagascar, its History and People.

Muddling Through in Madagascar. Royal Society Biology Letters. Science News The Weekly Science magazine. The Children of Madagascar. The Palms of Madagascar. The true Story of the French Dispute in Madagascar. Translations from the Night. World Bibliographical Series, Volume — Madagascar. A World Out of Time — Madagascar. Captain Kidd and the War Against the Pirates. Dancing with the Dead a Journey through Zanzibar and Madagascar. Early Kingdoms in Madagascar Folklore and the History of Literature in Madagascar. Forget Colonialism? Sacrifice and the Art of Memory in Madagascar.

Forgotten Edens exploring the world's wild places. From Blessing to Violence. Guide to the Birds of Madagascar. Ibonia Epic of Madagascar. International Poetry Review. Macroeconomic Adjustment and the Poor. Madagascar — a Natural History. Madagascar in History Essays from the 's. Madagascar in Pictures Visual Geography Series. Madagascar, Island of the Ancestors. Promiscuous Translation Working the Word at Antananarivo. Prospero and Caliban the Psychology of Colonization. Report on Industrial Development in Madagascar. The Malagasy and the

Europeans. The Natural History of Madagascar. The Status of Musical Specialists in Madagascar. The Tanala, a Hill Tribe of Madagascar.

The Travels of Marco Polo. The Words of the Fathers Proverbs in Madagascar. Verbal Arts in Madagascar performance in historical perspective. Where There is no Doctor a village health care handbook. Agapes des Dieux Tritriva. Agence de Presse Xinhua. Albert Rakoto Ratsimamanga et moi 1. Antalahia, le 26 juin Architectures de Madagascar. Archives de Sciences Sociales des Religions. Atlas des bois de Madagascar. Carnet de campagne du Lt-Colonel Lentonnet. Chair de la terre, oeil de l'eau Paysanneries et recompositions de campagnes en Imerina. Chronique d'une Passion Malgache. Civilisation Malgache. Collection de documents concernant Madagascar et les pays voisins. Contes Populaires Malgaches. Courier de Madagascar www. Dans la brousse malgache. Des sagas aux ombrelles Madagascar Dictionnaire scientifique de la langue malgache. Du Ohabolana au Hainteny. Exposition des Simples. Faune et Flore de Madagascar. Go to Madagascar Magazine Le trimestriel du.

Grand Dictionnaire de Madagascar. Guide des Oiseaux de Madagascar. Histoire de la Grande Isle de Madagascar. Histoire de la monarchie merina. Histoire de la Nation Malgache. Histoire de Madagascar. Histoire de Madagascar La construction d'une nation. Histoire du Parc Botanique et Zoologique de Tsimbazaza. Index des Tantarana' ny Andriana eto Madagascar. Index Toponymique de l' Imerina. Iza Moa? Bref dictionnaire historique de Madagascar. Jacques Rabemananjara l'homme et l'oeuvre. Jean-Joseph Rabearivelo, cet inconnu? Journal historique de Georges Dandin La Cartographie de Madagascar.

La Divination malgache par le Sikidy. La Langue malgache et les origines malgaches Volume 2: la morphologie malgache. La Langue malgache et les origines malgaches Volume 1: le fond initial du vocabulaire malgache. L'Ancien Volcan d'Ambatolampy La Pacification de Madagascar L'Art et l'Artisanat Malgaches. Le Boeuf dans l' Ankaizina. Le Fanompoa be et le Famahadiana. Le Guide du Routard — Madagascar. Le Lac Bleu et autres Contes de Madagascar. Le Livre d'Or de l'Aviation Malgache. Le Malgache Essai de Description Sommaire. Le Menabe Histoire d'une colonisation. Le Meurtre de Radama II. Les Boutriers de l'Aurore. Les constructions causatives en malgache. Les Hautes Terres de Madagascar. Les saisons de mon coeur. Les Sorciers de la Pleine Lune. Les Tanala de l' Ikongo Une peuplade malgache. Le terroir et son double Tsarahonenana, L'Ethnographie de Madagascar. Le Tsaratanana, l'Ankaratra et l'Andringitra. Lettres de Madagascar Le vieux mangeur de temps Nouvelles.

Raha mandary fotoana iarahana amiko ianareo dia hitabataba ihany koa! Aza miezaka hijoro ho vavolombelona raha tsy efa niaraka tamin i Jesosy ianao. Endrika ratsy no hanehoanao Azy eo amin ny tanoranao sy izao tontolo izao. Aza terena ny fijoroana ho vavolombelona fa aoka hitoetra ao Amiry ary hiomana mba hiseho ho azy izany. Hanolotra valiny ara- Baiboly hanampiana ny olona hamaha ny olany ianao. Rehefa mitoetra miaraka Amiry ihany anefia ianao vao mitranga izany. Ny olona sasany dia miantso izany hoe Fomban i Filipo. Jereo ao amin ny Asa 8: Ahita tantara mahagaga ao ianao. Ary indro nisy kalesy nitondra tandapa Etiopiana namaky ny horonambokin Isaia. Dia hoy ny Fanahy tamin i Filipo: Andeha manatona ka mankanesa amin io kalesy io.

Izao no nolazain ny Fanahy tamin i Filipo raha lazaina amin ny teny hafa: Omeko tombotsoa ianao. Henoy fotsiny ny fiantombohany dia mirosoa amin izay. Rehefa tafiditra ianao dia omeko anao ny teny ary ataontsika batisa ralehilahy! Asa Ary izany tokoa no nitranga. Tsy hoe nanintona akory i Filipo. Tsy hoe nahay nandaha-teny akory i Filipo. Fa kosa nanolo-tena. Ary Andriamanitra no nanao ny sisa rehetra. Izany no fijoriana vavolomeblona: manolotra ny tenanao ampiasain Andriamanitra ary miomana ho amin ny zava-drehetra. Hitondra fifaliana eo amin ny fainana izany! Tadidio, aza manahy akory ny amin izay zavatra holazaina. Henoy ny fampanantenan i Jesosy ao amin ny Lioka ,12 Ary raha mitondra anareo ho ao amin ny synagoga sy ny mpanapaka ary ny manam-pahefana izy, dia az amanahy izay havalinareo na izay holazainareo; fa ny Fanahy Masina no hampianatra anareo amin izany ora izany izay mety holazainareo. Zavatra mahagaga izany!

Tsy hoe akory manao izay hampiaina ny Tenin Andriamanitra sy mandika ny vavaka tsy mety ataontsika ihany ny Fanahy Masina, fa manolotra antsika ny teny izay tokony ampiasaina amin ny fotoana mety ho amin izany ihany koa. Koa aza manahy ny amin ny fahalemenao akory rehefa tonga ny fotoana hijoroana ho vavolombelona. Ny Fanahy Masina no hiahny ny zava-drehetra. Aoka fotsiny ny tenanao mba hanaiky ampiasaina. Ahoana no fomba ahafahanao manao izany? Ireto misy hevitra vitsivitsy: Tetikasa Fisaorana Maro ny olona tokony hisaorana eo amin ny fiaraha-monina misy anao.

Ny mpanangona fako, ny mpisia amin ny toerampamakiam-boky, ny mpampianatra, ary ny hafa rehetra izay manolotra ny fotoanany sy ny talentany kanefa valisoa kely no azon izy ireny ho setrin izany. Azonao ovaina izany fomba fanao mahazatra izany. Manaova na mividiana karatra fisaoarana ary hatolory an-tanana ireny olona mpanao asa soa fanampiana izany. Matokia fa hisy olona hanontany ny antony hanaovanao izany. Ambarao azy ireny fa nanatsotra ny tanany taminao ilay Andriamanitra ftiavana tomponiao, ary mamerina izany tombotsoa izany ianao. Fangatahana fianarana ara-baiboly Azo antoka fa mandray taratasy fangatahana fianarana ara- Baiboly avy amin ny olona maro eo amin ny fiaraha-monina misy anareo hatrany ny pasitoranareo. Tsy vitany ary tsy tokony ho izy irey ihany no mihaona amin ireo olona rehetra ireo. Satria tokony hianatra miaraka amin ny iray amin ireo olona ireo ianao farafaharatsiny.

Izany no ahatonga ny fandalinana ara-baiboly ataonao hiasa tsara. Tsy ho azonao an-tsaina ny fifaliana amin ny fanampiana olona iray hafa ahatakatra ny Baiboly, raha tsy efa nanao izany ny tenanao. Olona Faka Tahaka Koa zatria ianao mpitarika ny tanora, dia mijoro vavolombelona ianao isan andro. Mijery akaiky ihany koa ireo tanora izay hanaovanao asa. Raha i Kristy no ivon ny fainanao, dia ho hitan izy ireo sy ho reny izany. Inona no zavatra tena firesakao matetika? Moa ve mba mahazatra anao ny vavaka sy ny fandalinana ara-baiboly? Mifanaraka amin ny Tenin Andriamanitra ve ny asanao? Baiko entitra izany ary izany no nahatonga an I Jakoba niteny hoe: Ry arahalahiko, aza dia samy ho mpampianatra be ihany ianareo, fantatrareo fa ho mafimafy kokoa no hitsarana anay mpampianatra. Aza avela hanakana anao tsy ho tonga mpampianatra anefia izany. Raha toa ka niantso anao Andriamanitra, dia hanolotra anao ny fahasoavana ilainao ahatonga anao ho ohatra mendrika ihany koa Izy.

Aoka tsy tokony hitaraina miaraka amin izy ireo ianao fa hijanona ho tony ary hijery ny lafitsaran-javatra hatrany. Hanontany ten any olona hoe inona no antony mahatonga anao hiavaka! Eo ano tombotsoa tena mety indrindra hilazaa amin izy ireo momba ny atao hoe mana-pinoana an Andriamanitra eo anatrehan ny fotoansetrotra. Io no fomba mora indrindra hijoroana ho vavolombelona. Ireto misy hevitra vitsivitsy: 1. Raha toa ka tena misy ny fanandramana hainanao, dia ho hitan izy ireo ny fahazavana eny amin ny masonao ary te hanana izany ho an ny tenany ihany koa ny sasany amin izy ireo. Izany hoe mbola eo andalam-pisehoana izany amin izao fotoana izao. Aza antenaina ho tonga ho azy eo amin ny fainan ny

tanora entinao ihany koa izany. Omeo fotoana izy ireo. Tariho moramora izy. Raha matahotra ianao dia endrika ratsy momba. Ho tsapan ny tanoranao fa ny fiarahana amin Andriamanitra dia tsy vitan ny fanandramana iray andro na herinandro fotsiny, fa zavatra mitranga amin ny fotoana rehetra isan andro.

Amporisihio izy ireo hiresaka ny amin ny vavaka nataony izay tsy nivaly, sy ny zavatra hitany tao amin ny fandalinana ara-baiboly nataon ny tenany manokana. Arakaraky ny hitarihany sy ahazoany aina miresaka momba ny fanandramany manokana no ahatonga izany ho tena zava-misy eo amin ny fainany. Jereo amin izay fa mijoro ho vavolombelona izy ankehitriny! Efà hitantsika ny maha-zava-dehibe ny andraikirity ny Fanahy Masina. Noho izany, resaho ny momba Azy, miresaha Amiry, ary tadiavo ao amin ny Baiboly ny fahamarinana vaovao momba Azy. Raiso ho toy ny mambra manan-danja indrindra ao amin ny tarika misy anao Izy. Sasao madio aho mba ho afà-keloka, ary diovy aho mba ho afà-pahotana.

Salamo , Jereo ohatra i Davida. ASA Izany ka lehilahy! Nataon i Davida avokoa izay rehetra tian Andriamanitra nataony. Toa tsy nanota mihitsy no fandrenesana azy, sa ahoana? Eny tokoa, mahalala be kokoa ny momba izany isika. Ahoana ary no mbola ahafahan Andriamanitra milaza izany ihany? Nahenany ve ny marika napetrany? Moa ve misy olona sasany avelany hiala maina rehefaavy mamono olona? Tsia no valiny. Voaloahany indrindra dia olon ny vavaka i Davida. Ahoana no ahalantsika izany? Jereo ny bokin ny Salamo. Ho hitanao ao ny resaka maro nifanaovan i Davida tamin Andriamanitra. Niresaka tamin Andriamanitra izy na toy inona zava-nitrange, na tsara na ratsy. Ny fototra niorenany?

Nitoetra tamin Andriamanitra tamin ny vavaka izy. Tian i Davida ihany koa ny Tenin Andriamanitra. Ho tsapanao ny lanjan izany fony izy niteny hoe: Fanilon ny tongtro sy fanazvana ny lalako ny Teninao. Nanao izay voalaza tao izy. Izao no voalazan Andriamanitra ao amin ny I MPANJAKA Nefo kosa ianao [Jeroboama] tsy mba nanao tahaka an i Davida mpanompoko, izay nitandrina ny Teniko sy nanaraka ahy tamin ny fony rehetra tsy hanao na inona na inona afà-tsy izay marina eo imasoko ihany.

Tonga lafatra ve ny toetran i Davida? Imbetsaka izy no nanao zavatra tsy mendrika. Nanao izay zavatra rehetra nasain Andriamanitra nataony tokoa ve i Davida? Namaly hatrany izy tamin ny fotoana rehetra, teo ambanin ny fandresen-dahatra avy amin ny Fanahy Masina. Niondrika tamin alahelo izy ary nibebaka. Rehefa nihaiky ny fahotany izy, dia natoky Andriamanitra ka namela azy I Jaona Izany no nahatonga an i Davida ho olona nanaraka an Andriamanitra tamin ny fony. Nanao fahadisoana goavana izy, kanefa niverina tamin ny fon Andriamanitra hatrany.

Ary farany, izany no hevitry ny hoe mitoetra ao Amiry. Mitadiava toerana iray ahafahanao mitoetra irery ary misantoha amin Andriamanitra irery. Aorian izany dia avelao avokoa ny manodidina ary miantoraha tanteraka Amiry. Aoka ianao hanana fahatsorampo. Raha manana ny finiavana ianao kanefa tsy manana ny teny ambara, dia ity misy vavaka aroso ho anao. Azonao vakiana amin Andriamanitra izany ankehitriny raha tianao. Andriamanitra malala o, tonga eto amin ity toerana izay ahatsapako fa tsy mahefa na inona na inona aho raha tsy aminao ity ihany aho nony farany.

Esory ny fahatokisantena ato amiko. Esory ny saron-tava manakona ahy. Mangata-pamelana aho noho ny Misaotra anao noho ny nanarianao ny otako tany amin ny ranomasina lalina. Fenoy ny Fanahinao Masina aho ankehitriny. Nomenao tanora ho tarihina aho. Ampio aho hitondra azy ireo ho eo aminao. Ampio ihany koa izayah hitondra ny hafa ho eo aminao. Havaozi aho eo ampandalinana ny Teninao. Havaozi ao anatin ny fahanginan ny vavaka aho. Te ho anao aho Andriamanitra o. Ahoana no fomba ahafahanao manomboka mitombo ara-panahy anio? Ireto misy lisitry ny fanolorantena izay hanampy anao amin ny fanombohana. Apetraho eo akaikiny eo ny sonianao. Hanolotra ny tenako sy ny asa fanompoana ataoko tanteraka ho an Andriamanitra aho. Hanomboka hampihatra ireo fomba fivavaka sy fandalinana ara-baiboly nianarako aho. Ampianariko ny tanora hiadiadiko ireo fomba ireo. Hangataka amin Andriamanitra aho mba hanome antsika tombotsoa hizarana ny fitiavany amin ny hafa. Upper Room Books, Famantarana ny maha-zava-dehibe ny fanaovana asa ho an ny tanora izay mifototra amin ny ara-panahy sady manana rafitra.

Higgs, Mike. Navpress, Ny fomba fanorenana ny vavaka eo amin ny fainanao manokana sy eo amin ny fainan ny tanora entinao. Jones, Tony. Soul Shaper. Zondervan Publishing, Fomba ahafahana mampiditra ny fomba amam-panao ara-panahy tamin ny andro fahiny, eo amin ny asa atao ho an ny tanora. Intervarsity Press, Fampisaintsaina azo ampiharina momba ny fomba atao hananana fainam-panahy eo anivon ny kolontsain izao tontolo izao. Pacific Press, Toro-hevitra fohy sy mazava, azo ampiharina ho amin ny fitomboana ara-panahy, eo amin ny sehatra midadasika isankarazany amin ny fainana. Ortberg, John. The Life You've Always Wanted. Zondervan Publishing, Fomba fijery vaovao sy maoderina, momba ny fitsipika mifely ny ara-panahy. Review and Herald Publishing, Azo jerena ao amin ny www. Warren, Rick. The Purpose-Driven Life. Zondervan Publishing, Dia maharitra efapolo andro, hamantarana ny draftr Andriamanitra ho an ny fainanao.

Steps to Christ. Lifeway Church Resources, Presents seven key biblical truths for knowing and experiencing God. Keys for Answered Prayer. Cassette or video. Amazing Facts. Hianaranana avy amin ny Baiboly ny fomba fivavaka amim-pahatsorana, mahomby, ary amin-kery. Group Publishing. Io CD dia hanolotra anao ny zavatra rehetra ilainao hirosoana amin ny toeram-pivavahana fito mifototra amin ny sorona nataon i Kristy. Swindoll, Charles. Living Above the level of Mediocrity. Insight for Living. Lohahevitra hita amin izay ny fahatsarana, ny fanolorantena, ny fitarihana, ny fahavononana, ny lohalaharana, ary ny fandresena ny fakam-panahy. Ilay Fitiavana Mandresy. Remnant Publications, Henoy ny toetoetry ny fainan i Kristy. Fanoloratena isan andro, fandalinana ara-baiboly, fitaovana fandalinana, ary mihoatra noho izany. Mametraha fanontaniana ara- Baiboly amin ny alalan ny internet, mitadiava lohahevitra, na mandefasa fangatalaham-bavaka.

Mifidiana amin ireo kazaran-javatra hanolorantena isan andro sy vaovao amin ny alalan ny internet. Manampy amin ny fitadidiana ny Baiboly. Ahitana adiresy isan-karazany mitondra ho amin ny resaka mahakasika ny fanolorantena ao amin ny internet. Mighty in Spirit. Aoka hisy fiantraikany aminao ireo tantaran ny lehilahy sy vehivavin Andriamanitra ao amin ny Baiboly ary amin ny tantaran ny Kristiana rehetra.

Ary izany dia toy ny fahzavan ny maraiana raha mipozaka ny masoandro, dia ilay maraina tsy misy rahona iny; ary ny ahitra manorobona amin ny tany noho ny hain andro manarakaraka ny ranonorana. Nanafaingana ny diary i Mo ary nanomboka nandeha lavitra nihuatra an i Alex. Tavela teo am-pisefosefoana teo izy. Ohatry ny hijanona izany mihitsy ny foko! Oviana izay ianao no tena nanao fanarantena farany? Fantatro amin izany fomba.

Kanefa efa eto anie aloha aho izao e! Sa tsy izany? Tsy te hilanja anao mandra-pahatonga any amin izay alehantsika aho. Ohatry ny mitady

hivoaka avy ao an-tratrako ny foko! Ankoatry ny tsy fahampiana fanazarantena teo aminao. Nandeha nanao fandihadihana manokana momba ilay asa fanompoana ataon ny tanora aho. Tsy fantattro anefà na manana ny fahaiza-manao ampiasaina amin izany aho na tsia. Noheveriko fa tianao ny miara-miisa amin ny tanora.

Tsy fantattro fa Maninona moa raha hajanoko tanteraka any izany e? Efa nanokana fotoana betsaka hitondrana ambavaka momba izany ve ianao? Tsy momba amin anie io zavatra io ry alex e! Momba ny zavatra tian Andriamanitra atao amin ny alalanao izy io. Angamba aho mila manomboka mangataka amin Andriamanitra hanampy ahy amin izany. Hainao fà azony atao ny mampiasa ny karazan olona rehetra, na dia ny olona izay tsy heverina ho mahavita izany aza! Inona no ambaran ny Baiboly momba ny fihazakazahana kanefa tsy mety sasatra? Etsy andanin izany, rehefa avy nipetraka tetra dia navaozin Andriamanitra ny heriko! Dia inona moa izany fa tsy andeha araka izay diako amin izay aho Hainao ve hoe manao ahoana ny endriky ny fahombiazana? Sa tsy dia azonao antoka loatra ny antony mahatonga anao eo amin io toerana io, ny tanjonao, ary ny fomba hanatontosanao izany? Efa niroso ianao! Efa nanolotena hanokana ora maro ao anatin ny faran ny herinandro, hiaretana eo anivon ny tanora maditra, ary fotoana tena mampihorohoro.

Izany rehetra izany anefà dia ahazoana valisoa lehibe izay mety efa azonao an-tsaina. Tongaso amin ny asa fanompoana ho an ny tanora! Nefà izany dia tonga toy ny afo mirehitra tao ampoko, voahidy ao amin ny taolako; ary sasatra ny niaritra aho ka tsy mahazaka. Angamba ianao mamaky ity boky ity miaraka amin ny fanantenana fà hanazava ny momba izany Izy. Ahoana no ahafantaramo raha tena tiany ho mpitarika tanora ianao? Andeha havadika ny Baibolintsika ary jerena ny fanandramana nolalovan ny hafa fony izy ireny nantsoin Andriamanitra hanao asa fanompoana.

Nandrehitra afo tao am-pony Andriamanitra. Tena tsy nametraka fanontaniana ny amin izay tsy maintsy ataony izy. Tsy maintsy nankato an Andriamanitra izy ary nanambara ny Teniny. Moa ve Andriamanitra manery anao hizara ny fitiavany sy ny fahasoavany amin ny tanora ao ampiangonanareo? Moa ve izany zavatra izay tsy azonao hodian-tsy hita? Ny fitiavana miredareda no iray amin ireo fomba hanehoan Andriamanitra ny antsony amin ny mpitarika tanora.

Rehefa tsy avelanao hiditra ao an-dohanao ny fankasitrahana avy amin ny olona iray, na tsipahanao avy hatrany ny filazan ny olona momba ny fanomezam-pahasoavana anananao, dia mampiasa olon-kafa Andriamanitra matetika hanampiana antsika ahatsapa ny antsony amintsika, hanompo. Ormaniny amin ny fomba manokana ny. Tsy tongatonga ho azy ny niarahan i Paoly niasa tamin ireo olona niarahany. Ny lova Jiosy nananany, ny maha-romana azy, ny fahaizany ara-pianaranana, ary ny fahaizany manangana trano lay izay iaraha-mahalala, dia zavatra mahery nampiarahan Andriamanitra, nampiasaina hamaboana fanahy an arivony ho eo Amiry. Nataon Andriamanitra fotsiny izay hisanarahan i Paoly amin ilay asa. Amin ny alalan ny fanandramana lalovanao eo amin ny fainanao ihany koa no hanaovan Andriamanitra asa fanomanana anao. Mety efa nomaniny hatramin izay ianao hiara-hiasa amin ny tanora.

Tsy hisy olon-kafa hanao izany kanefa tsy maintsy atao ilay izy, noho izany dia nanaiky ianao. Raha izany dia misy olona tena nitovy taminao mihitsy. Nanao tahaka izany ihany koa I Davida. Rehefa hitany fa tsy nisy nahasaly niady tamin i Goliata ny ireo miaramilan ny Israely, dia noraisiny ny andraikitra ary nandroso tamin ny herin Andriamanitra irery ihany izy. Raha tahaka izany ianao dia mahereza. Hitanao fa tsy dia maninona akory ny fomba niantsoana anao hanao asa fanompoana ho an ny tanora. Tsy misy fomba tsara kokoa mohoatra noho ny hafa. Ny zavadehibe dia ny nitondran Andriamanitra anao teo amin io toerana io ary hanohy hitari-dalana anao Izy manomboka eo. Mety mbola somary sahirantsaina kely ihany ianao. Matahotra ianao sao dia tsy misfandraika amin izany ny fahaizanao. Toa mohoatra noho izay mety ho vitantsika ny antson Andriamanitra indraindray. Nangozohozo ohatra ny lohalik Isaia rehefa nandray ny antso hiroso ho amin ny asa fanompoana.

Nisaintsaina ny amin ny fahalebiazan Andriamanitra izy ary ny hany mba azony nolazaina dia ny hoe: Lozako! Maty aho. Fa lehilahy maloto molotra ISAIA Fantattr Isaia izay tian Andriamanitra ataony; tsy fantany fotsiny hoe ahoana no fomba hamitany adidy masina tahaka izany. Moa ve ianao mahatsapa ho tsy dia tena mendrika? Efa tsapanao ve fa ny andraikitra mitaona olona ho eo amin i Kristy dia lehibe noho ny zavatra vitanao? Tsara izany, tene afaka mampiasa anao amin izay izany Andriamanitra ankehitriny. Hoy i Jesosy: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy JAONA Raha mila miankina amin ny Rainy any an-danitra izany ny zanak Andriamanitra, moa tsy tokony hohoatra noho izany va isika?

Fa Andriamanitra ahatanteraka izay rehetra tokony ho anareo, araka ny hareny amin ny voninahitra ao amin i Kristy Jesosy. Andriamanitra tsy hanome anao asa izay tsy ahafahany manolotra fitaovana ho anao. Mandohaloha fotsiny ihany, angataho ny fitahiany, ary misaora Azy noho ny nanomezany anao io fihaikana manan-danja io. Mety hihevitra angamba ianao hoe: Inona no mampanahy? Tonga dia miseho eo anatrehan ny tanroa fotsiny dia mandeha ho azy ny zavatra tsara rehetra.

Tsy mila mianatra ny fomba fitarihama. Raha niantso ahy Andriamanitra dia efa vonona izany aho. Tadidio izay voalaza ao amin ny ASA Ary ny toepanahin ireo dia tsara noho ny tao Tesalonika; satria nandray ny teny tamin ny zotom-po indrindra ireo ka nandinika ny Soratra Masina isan andro, na marina izany na tsia.

Ny mponina tao Beria dia nandalina isan andro. Te ho tonga mpaneho an i Jesosy amin ny endrinys tsara indrindra araka izay tratrany izy ireo. Tian izy ireo ho azo antoka fa nety ny nataon izy ireo. Tsy tokony hanao tahaka izany ihany koa ve ny mpitarika tanora? Eny fa na dia ny pasitora tanora izay efa zadraharaha aza dia mila mianatra hatrany raha maniry hihazona ny fahombiazany. Soa ihany fa maro ny fomba hahazoana sy hanatsarana ny fahaizana mitondra tanora. Araka ny ambaran ny mpiasa rehetra aminao dia manamora kokoa ny asa ny fananana ny fitaovana mifanarako amin izany asa izany. Ireto avy izany, nalahatra miaraka amin ny fitaovana izay tsy maintsy hananan ny mpiaramisa rehetra amin ny tanora!

Aza adino ny mijery ireo loharanon-kevitra fanampiny izay voatanisa any amin ny faran ny toko tsirairay avy. Helping the Struggling Adolescent. Zondervan, Facilitating Small Groups. I'm a Small-Group Leader! Youth Specialties. Identifying Spiritual Gifts Burns, Jim. Understanding Today's Youth Culture. Mety ho hetsika eo antoerana karakarain ny mpitarika eo amin ny fiangonana misy anareo izany, na koa fihonambe iraisam-pinoana lehibe toy izay karakarain ny vondrona iray na Sampana Miahys ny Tanora.

Amin izy ireny hatrany no handraisanao torohevitra maro azo ampiharina, tombotsoa ahafahana miresaka amin ny manam-pahaizana eo amin ilay

sehatra, ary tombotsoa ahafahana mijery sy mividy ireo fitaovana vao nivoaka ho an ny sampana miadidy ny tanora. Amin izay ihany koa ny ekipa mpitarika ao aminareo mba afaka mampiasa azy ireo. Tsara hanombohana izany ireo loharanon-kevitra voatanisa any amin ny faran ny toko tsirairay avy amin ity boky ity. Aza mandeha irery amin io asa io! Afaka manomana hetsika iarahana ianareo. Ny fiarohana miasa dia fomba iray lehibe ahafahana mianatra. Tsy voavidim-bola ny mpanolotsaina mahay. Maro ny fanampiana hita any amin ny Internet. Teny fototra vitsivitsy sy milina fanaovana fikarohana fotsiny ihany dia ahitanao ny tranonkala maro natao hanohana ny mpitontra tanora. Ny sasany aza moa dia ahafahana misoratra anarana maimaimpoana ary avy eo mahazo mailaka taratasy alefa amin ny alalan ny internet sy vaovao tsy tapaka.

Misorata anarana amin izany! Azonao jerena mivantana ihany koa ny tranonkalan ireo sampana miadidy ny tanora hafa eo antoerana. Jereo hoe inona no ataony ary ahoana no fomba handaminary izany. Raha misy zavatra manintona anao dia antsoy ilay mpitarika mba hanazava kokoa ny antsipirany. Na izany mambran ny fiangonana izay manana fiara fitondra amin ny ranomandry izay azo resahaha an-telefona any lavitra any, na Kristiana mpanolotsaina tsara fanahy izay azon ny tanoranao sy ny fianakaviana hivantanana; maro ny olona izay afaka manampy eo amin ny faritra misy anareo.

Tsy hoe hanohana ara-tsaina fotsiny ihany io ekipa io, fa ny mambra tsirairay avy ao ihany koa dia hanamafy ny asa fanompoana ataonao, amin ny alalan ny fanomezam-pahasoavana manokana ananan izy ireo. Ny fihaikana atrehana dia ny fananganana ekipa izay afaka manatona ary mahataona ny karazana tanora rehetra. Rehefa mifidy ny olona ho ao anatin ny ekipanao ianao dia jereo ny zavatra ilaina eo amin ny lafiny arakolotsaina, amin ny maha-lahy na maha-vavy, ary ny sokajintaona samihafa. Ohatra, marobe ve ny tovovavy fa saingy tsy misy kosa ny vehivavy lehibe mpitarika?

Marobe ve ny mpianatra avy amin ny foko iray kanefa tsy misy olona mba tena misankahazo amin izy ireo ao anatin ilay ekipa? Ny mpitarika izay mahay mihevitra dia hiasa hameno ireny banga ireny. Hevero ihany koa ny amin ny fomba fitarihano. Inona no tanjakao sy ny fahalemenao amin ny maha-mpitarika anao? Mety ahita olon-dehibe sy tanora mpitarika izay manana fanomezam-pahasoavana misfameno amin ny anao eo amin ny resaka fitarihano? Diniho ireto karazana mpitarika etsy ambany ireto. Iza amin ireo no tena mahalaza indrindra anao? Miezaha manangona ekipa izay manana toetra mitovy amin ireo hafa ireo, araka izay azo atao. Mahay mamorona izy ireny ary tsy mampiasa ny teny hoe tsy mba ho vita izany. Tsy andriny ny andehana amim-pahavononana ho any amin ny toerana izay mbola tsy nalehan ny olona mihitsy, ny mpaminavina dia mahita fahafaha-manatanteraka sy fomba hitaomana ny hafa ho any amin izany toerana izany.

Izy ireo dia olona mahay mizara sy manam-paharetana izay mitarika ny hafa amin ny alalan ny toetrany tia mikarakara. Tsy voatery hanaraka fandaharam-potoana manokana izy ireo, ary izany indrindra no hitadiavan ny hafa ny toro-hevitra avy amin ny Fanahy ao aminy. Ny fomba fitarihany amin ny fandraisana fanapahan-kevitra sy famakafakana dia mitarika ny hafa hanatontosa andraikitra. Manaradia ny olona satria mahita drafir asa avy amin Andriamanitra manoloana azy izy ireo.

Tsy miangavy ny hafa hanao zavatra izay tsy mbola nataon ny tenany izy. Mahafinaritra ny hafa izany ary te hanaraka izy ireo. Ny fahatokian izy ireo dia mahatonga azy afaka miteny hisolo tena ireo izay mila izany. Amin ny alalan ny fanirany fatratra hijoro ho an ny tanora no hitaomany azy ireo hanaradia azy. Tsy mba misaintsaina ny zo tokony ho an ny tenany na izay mety ahazoany aina izy. Amin ny alalan ny asa atao, tsy mijery ny tena, izay atao izy ireo ho an ny hafa mila izany, no hanarahan ny hafa ny saina tia mizara tahaka izany. Maha-te ho tia sy maha-te hinamana ny mpitarika tahaka ireny. Mitangorona eo aminy ny hafa rehefa mahafantatra fa manana zavatra miavaka izy. Ny karazana mpitarika iray dia tsy mahataona ny karazana tanora rehetra. Izany no antony nahatonga an Andriamanitra hametraka olona isan-karazany ao ampiangonana. Maty ianao irery no mpitontra tanora voafidy, kanefa amin ny alalan ny fampandraisana anjara ny hafa no hampitomboanao ny tombotsoa ahazoana ny tanora rehetra ao aminareo.

Tsy misy olona terem-panahy hiasa. Aza manahy. Maro ny mpitontra tanora efa niatrika tranga tahaka izany. Ataovy an-tsaina ireto antony telo voalo hany tsy hirotsahan ny olona an-tsitraro ireto: 1 mihevitra izy ireo fa tsy dia manam-potoana, 2 mahatsapa ho tsy mahazo aina izy ireo rehefa manodidina ny tanora, na 3 tsy tsapan izy ireo ny zavatra ilainao ho an ny isam-batan olona. Azonao ampitomboina ny mety ahazoana mpirotsaka an-tsitraro, amin ny alalan ny firesahana ny momba ireo sokajy tsirairay avy ireo. Ireto misy sosokevitra vitsivitsy: 1. Izany no hitondra azy ireo hifandray amin ny sampana misy anao sy ny zavatra ilainy.

Manana finiavana hanampy anmin ny fitondrana ny tanora amin ny alalan ny fiara, hanatrika hetsika iray ve izy ireo? Azon ny tanora ampiasaina ve ny morondranon izy ireo ao anatin ny tapak andro hariva indray mandeha? Mety afaka mitondra tsindrintsakafo ho an ny fiaraha-misakafon ny tanora eny amin ny toeram-pitsangatsanganana angamba izy ireo. Tsy hoe mora tao fotsiny ny fanoloran-tena ao anatin ny fotoana fohy, fa mety ahazoana tombotsoa lehibe eo amin ny fandaharam-potoanareo izany, ary mety hitarika ny olondehibe sasany hanao fanoloran-tena maharitra. Miaraha-miasa amin ny pasitora mba hampandraisana anjara ny tanora amin ny asa fanompoana. Manaoa fanadihadihana azy ireo ao antin ny fanompoa-pivavahana.

Lazao ampahibemaso ny zavatra mitranga eo amin ny fainan izy ireo. Atomboy ny fandaharana mpanolotsaina mitana tsiambaratelo, ary asaina mivavaka sy mampahery tanora iray ny olon-dehibe. Ataovy izay azonao atao handravana ny sakana izay misy eo amin ny olon-dehibe sy ny tanora. Izany no ampitombo ny fahazoana antoka hahazo aina izy ireo rehefa angatahana hirotsaka an-tsitraro. Ny mpitarika tanora mahay dia tsy faritana amin ny alalan ny mahatanora azy na ny fahaizana misfandray tsara mety hananany, na ny isan ny fanatanjahantena hainy tsara.

Ny tanora dia maniry hery miasa mangina maro tsy ampoizina eo amin ny fainan. Mila tanora mitovy aminy izy ireo, olona atao zoky, olona atao ray aman-dreny, ary ray aman-drenibe manangana azy ho zafy. Manaiky ireo olona tsy miovaova sy mikarakara azy izy ireo, tahaka izay ataony amin ny olona feno fahatsorana sy hafanampo. Ny fitadiavana mpirotsaka an-tsitraro eny amin ny polpitra isan-kerinandro dia toa ahitana fa mihamilentika ny sambonao. Mahakivy ny tanoranao izany. Ny mpirotsaka antsitraro rehetra izay namaly ny antso dia mety hanao izany vokatry ny fitserana fa tsy vokatry ny fanantenana zavatra tsara. Aza tsimontsinavina ny fitaovana manan-danja indrindra eo aminao! Ahita mpitarika isan-karazany ianao eo amin ny tanora entinao. Miresaka be kokoa ny amin izany ny ao amin ny Fomba Fahadimy. I Charles Shelton, tao anatin ny bokiny mitondra ny lohateny hoe Adolescent Spirituality Ny Fiainam-panahin ny Tanora , dia nilaza fa ny tanora dia voasariky ny mpitarika izay: 1.

Moa ve ianao eo hatrany rehefa ilain ny tanora ara-pihetsehampo sy ara-batana? Izany no ahatsapan izy ireo ny tombambidy omenao azy. Rehefa

manana fotoana ho azy ireo ianao dia ho tsapan izy ireo fa tiana izy ary voaro. Moa ve ianao tia sy manaiky ny tanoranao, eny fa na dia ireo sarotra iarahana aza? Inona no akon ny fandraisana izany karazana fitiavana tsy misy fepetra izany eo aminao? Alaivo sary an-tsaina ny akon izany eo amin izy ireo! Moa ve ianao misokatra sy tsotra amin ny tanoranao? Moa ve hainanao ny fainana irian i Jesosy hainanao? Rehefa manao hadisoana ianao dia tena manaiky izany tokoa ve ary mangatoka famelankeloka? Raha fantatry ny zanakao hoe iza no hifandraisany isaky ny miditra eo ambaravarana ianao dia miaina ilay fainana tena marina tokoa ianao izany.

Ary Jesosy natory teo am-bodin ny sambokely tambonin ny ondana, ary namoha Azy izy ireo ka nanao taminy hoe : Mpampianatra o, tsy mampaninona Ana ova izao hahafatesanay izao? Ary nifoha Izy dia niteny mafy ny rivatra sady nilaza tamin ny ranomasina hoe: Mangina, mitsahara! Ary dia nitsahatra. Ary hoy Izy taminy: Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy mbola manam-pinoana va ianareo? Na karazana mpitarika manao ahoana na manao ahoana ianao, dia mitaky karazana fomba fahaizana mitarika ny tranga isan-karazany.

Misy ny fotoana izay tokony hanarahanao maso tsara. Raha toa ianao ka mampianatra fahaiza-manao manan-danja iray, tsy ampy fotoana hanaovana tetikasa iray, na misy olana eo amin ny resaka fiarovana, dia ilainao ny manome toromarika mazava sady manantena fa arahana izy ireo. Misy ny tranga hafa izay tianao hisitahana kely ary hamelana ny zava-drehetra andeha tsy misy anao. Angamba ianao manana ekipa feno fahazotoana izay mila toromarika kely fotsiny, na te hitsapa ny zavatra mety ho vitan ny ekipanao amin ny alalan ny famelana azy ireo andeha irery. Amin ireo tranga roa ireo, tadio fa fomba Misitaka Kely dia mety mbola mitaky ny fidirano an-tsehatra amin ny fotoana sasany. Izao avy no ataon ny mpitondra tanora amin io fomba io: a. Manontany ny mambra ao anatin ny ekipa isaky ny manao drafitra sy mandray fanapahan-kevitra. Mizara andraikitra amin ny ekipa ary mametraka fepotoana, kanefa manohy ny andraikitra maha-mpitarika ihany. Mampiroborobo ny fahaizana miara-miasa ao anaty ekipa.

Mila fanetrentena sy saina mahay mampianatra izany. Mila fahaizana mileftra sy fahendrena hamantarana hoe rahoviana ary ahoana no fomba hampiasana ny fahaiza-manao hananan ny hafa. Ny vaovao mahafaly dia ny fitahian Andriamanitra ny ezaka ataonao mba ho tonga mpitarika tsara kokoa. Ataony valisoa ho anao ny fahombiazana. Hampianatra anao amin ny alalan ny fahadoampanantenana Izy. Izy anie hahatantekanareo amin ny tsara rehetra, hanao ny sitrapony. Ny sasany amin izy ireny dia mitarika vokatry ny faharesen-dahatra mahery ao anatin, ny sasany kosa manome ohatra amim-pahanginana. Ny sasany mampiasa ny hery miasa mangina avy aminy, ho amin ny tsara; ny sasany kosa mampita zavatra ratsy amin ny hery miasa mangina ampitainy amin ny ekipa.

Ho resahantsika be be kokoa ny fomba fampatanjahana ny tanora hahaizany mitarika, ao amin ny Fomba Fiasa Fahadimy. Eo am-piandrasana izany anefia dia ireto misy antony vitsivitsy tokony hampitaovanao ny tanoranao. Afaka manolotra fahendrena ny olon-dehibe rehefa mitondra ny tanora ho amin ny fahamatorana. Ny tanora mpitarika kosa etsy andaniny dia afaka milaza ny fahitany ny zavatra tena ilaina amin izao fotoana izao sy ny kolotsain ireo tanora mitovy aminy. Mahavita mitaona sy miresaka amin ny tanora hafa izy, amin ny alalan ny fomba izay tsy hain ny olondehibe atao.

Ny tanora ihany koa dia mampita hery miasa mangina lehibe eo amin ny fomba fihevitr izao tontolo izao sy ny fifandraisany. Tena mety ny ataon ny fiagonana raha mihaino ny fomba fijerin ny tanora izy ireo. Tsy hoe mampisy aina eo amin ny fiagonanana amin izao fotoana izao ihany akory ny tanora mpitarika, fa dia harena ho an ny ho avy ihany koa izy ireo. Koa satria manakaliky ny Fihavian i Kristy Fanindroany dia toa miha-akaiky ihany koa ny ho avy, ary tsy azo antoka aharitra tahaka ny taloha intsony. Ny tanora mpitarika izay hofanina sy karakaraina amin ny alalan ny fomban Andriamanitra dia hanamphy antsika amin ny. Misarika ny fahalianan ny tanorantsika izao tontolo izao. Orinasa mpanefoefo ara-bola no misarika azy ireny ho amin ny volabe azo amin ny fikarohana atao sy ny fivarotana. Tsy afaka mifaninana mivantana amin izany ezaka matanjaka izany isika, kanefa tsy maintsy miezaka mafy ihany koa hahazo ny fon ny tanorantsika.

Ny tombotsoa tsara indrindra ahafahantsika manao izany dia ny fanolorana toerana sy tanjona azy ireo. Rehefa tena ilaina sy omena lanja izy ireo ary fantany izany, dia azo antoka fa tsy hiala. Ary hoy i Jehovah taminy F ahoy izy: Tompo o, mifona aminao aho, iraho izay tianao hirahina. Fantattro fa mahay mandaha-teny izy. Ary indro koa, avy hitsena anao izy, koa rehefa mahita anao izy dia ho faly ny fony. Dia hiteny aminy ianao ka hanolo-teny azy, ary Izaho horba ny vavanao sy ny vavany ka hanoro anareo izay ataonareo. Fa hoy izy: Tompo o, mifona aminao aho, iraho izay tianao irahina. Fantattro fa mahay mandahateny izy. Iza no lehibe mpitarika ny olon Andriamanitra, izay namono olona, nahazo mari-pahaizana tamin ny fitarihama andian ondry, ary nanimba ny fananan Andriamanitra manokana?

